

# NYALA

**ANTSO FIKAROHANA SY  
FAMORONANA AM-PISINDANA  
2024/2025**

---

Fe-potoana farany : 11 Martsa 2024

Wyss Academy for Nature at the University of Bern  
dia miara-miasa amin'ny Istituto Svizzero, Italia

# NY ALA

**Fikarohana sy famoronana am-pisindana haikanto sy siantifika any Roma  
(hiantohana ny fivezivezena ho an'ny fikarohana)  
Antso fiantsoana ho an'ireo mpanao Haikanto**

**Ny Wyss Academy for Nature** at the University of Bern dia toerana fanavaozana ho an'ny mpikaroka, orinasa sy ireo mpanapa-kevitra ary vondron'olona mitambatra miara-mamolavola vahaolana hananganana ho avy maharitra. Ny asan'ny Wyss Academy dia mandika ireo fahalalana siantifika ho asa, izay mampifandray ireo tanjona feno fatra-pairy laza sy miavaka amin'ny fomba fiasa manovaova, ary naorina mba hamokatra fomba vaovao lavitra ezaka hahafahana manamafy sy mampihavana ny fiarovana ny zava-manan'aina samihafa, ny mahasoa ny olombelona ary ny fampiasana maharitra ny harena voajanahary tehirizin'ny toerana samihafa eto ambonin'ny tany. Miara-mamokatra sy miara-mametraka ireo tetikasa mivaingana ho an'ny faritra sy firenena maro izahay. Io rafitra maneratany io dia hahafahana mora mamerina ireo traikefa nahomby sy ireo fianaranana azo. Ankehitriny, ny Wyss Academy dia misahana faritra maro any Europa afovoany (Berne, any Soisa), any Asia Atsimo-Atsinanana, any Afrika Atsinanana ary any Amerika Atsimo.

**Ny Istituto Svizzero** dia vovonana ivondronan-tsehatra izay hitambaran'ny fikarohana eo amin'ny sehatry ny haikanto sy ny sehatra ara-tsiantifika. Na dia an'ny Roma, Milano, Palerme no misy azy dia manamora ny fifandraisana eo amin'ny Soisa sy Italia, ary koa eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Isan-taona dia manolotra fandaharana ho an'ny daholobe ny Istituto Svizzero izay mikendry ny hampiroborobo ireo hetsika sy tetikasa vinavina, fomba fanao andrana, ary koa fahaiza-manao akademika. Ny Istituto Svizzero dia maniry ny handray anjara mavitrika amin'ny lahateny maneratany momba ny haikanto sy ny fiaraha-monina amin'ny halalan'ny fakana sary an-tsaina lalana vaovao. Ny Istituto Svizzero dia manolotra Fikarohana sy famoronana am-pisindana ho an'ireo mpanao haikanto sy mpikaroka vao misondrotra izay maniry handray anjara amin'ny ho avin'ny haikanto, ny siansa ary ny fanavaozana.

Nanolo-tena nanomboka tamin'ny 1947, ny Istituto Svizzero dia mamporisika ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny haikanto sy ny siansa ary miaina ireo tombotsoa maro azo avy amin'ny fifanakalozan-pahaizana maro. Ankehitriny, mihoatra noho ny hatramin'izay, resy lahatra tanteraka ny Istituto Svizzero fa ilaina ny fomba fijery mihoatra ireo taranja hamantaranarana sy hamahana ireo fanamby atrehin'ireo fiarhamonintsika maneran-tany, ary koa hieritreretana ho avy ho maharitra kokoa. Noho izany, mandefa antso Fikarohana sy famoronana am-pisindana haikanto sy Siansa ny Istituto Svizzero mba hanamafisana sy handalinana endrika vaovao hahafahan'ny mpanao haikanto sy ny mpikaroka miara-miasa.

Ho an'ity **fikarohana sy famoronana am-pisindana** Haikanto sy Siansa/**ALA** ity, ny Istituto Svizzero dia manao fiaraha-miasa voalohany amin'ny Wyss Academy for Nature, ao anatin'ny hetsika "Dialogue with Purpose" (Wyss Academy Dialogues/WAD), izay manao laharam-pahamehana ny foto-kevitra "Ny tena lanjan'ny ala". Ny tanjona dia ny hiteraka fifampiresahana manerantany momba ny zava-misy manerana izao tontolo izao, izay hampifandraisana ny zava-manan'aina samihafa sy ny fiovan'ny toetr'andro ary ny fampiasana ny tany. Hahafahana manatanteraka izany dia hisy dingana fifanakalozan maro hokarakaraina miaraka amin'ny mpandray anjara eto an-toerana sy manerantany.

Ity fikarohana Haikanto sy Siansa ity dia mikendry ny fandraisana anjara amin'ny vokatra hateraky ny "Dialogues with Purposes". Ho an'ny mpanao haikanto iray dia fotoana tokana hahafany mandalina ny fifandraisana misy eo amin'ny Olombelona sy zavaboahary - indrindra fa ny lanjan'ny ala eran-tany - amin'ny halalan'ny fifanakalozan eo amin'ny manam-pahaizana siantifika sy ny mponina ifotony voakasika. Eo ankilan'izay, ny Wyss Academy dia handefa ihany koa antso hahafahana mitsonga mpanao haikanto iray avy eto Madagasikara izay afaka handray anjara amin'io fotoana io. Ny tanjona dia ny hamelana malalaka mpanao haikanto roa hifanakalo anatina dinika miaraka amin'ny vondrona fampiharina mandritra ny Fifanakalozan-kevitra tanterehin'ny Wyss Academy momba "ny tena lanjan'ny ala". Ny fifanakalozan fomba fijery momba ny tena lanjan'ny ala dia rafitra hoentina manosika ny fanantanterahana ny asa.

Mizara dingana telo ny antso misokatra ho an'ny mpanao haikanto izay voafidy : dia eto Madagasikara hahafahana mifanakalo amin'ireo siantifika sy mandray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra fanomanana eny an-toerana, izay ho tanterahina eto an-toerana (volana jona 2024) ; fandraisana anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra manerantany izay ho tanterahina any Colombia (volana novambra 2024) ; fikarohana sy famoronana am-pisindana mandritra ny roa volana any amin'ny Istituto Svizzero any Roma (Italia) izay hahafahana manohy ny fampandrosoana ny tetikasa manokana eo amin'ny sehatry ny kanto na eo amin'ny fikarohana manokana ao aorian'ny fanantanterahana ny fifanakalozan-kevitra (fiatombohan'ny 2025).

Aingam-panahy sy solika avy amin'ny fandraisana anjara amin'ireo fotoana roa ny taona 2024 no hiaingan'ireo tetikasa arahaikanto, hahafahany mitondra fiantraika sy vokatra hantenaina avy amin'ireo *Fifanakalozan-kevitra* :

- fanavaozana ara-tsosialy et ara-teknika mifandray amin'ny ala ;
- fanangonana ireo tantara manaporofa fa "ala mijoro" dia tombontsoa ho an'izao tontolo izao ;

- rafitra marolafy manana sanda tsy azo sarahina amin'ny ala, izay mampitambatra fahalalana maro samihafa;
- fananganana vondrona fampiharana, vaovao sy maharitra, mampitambatra/mamantatra ireo izay hitaona ny fiovana manan-kery ho an'ny ala.

Izahay dia mitady mpanao haikanto manana fikarohana, asa, fomba fano sy "portfolio" maneho ny fahavononana handray anjara mavitrika eo amin'io sehatra io sy ny fanirany mafy handray anjara amin'ny fifanakalozana amin'ny siantifika, matihanina amin'ny sehatra ary mpiara-miasa siantifika na teknika.

#### **Ny fikarohana sy famoronana am-pisindana haikanto sy Siansa/ALA dia misy :**

- dia ara-pikarohana iray makany Soisa (Berne, ny 4 sy 5 jona 2024 ; ny fandraisana anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra ho an'ny farity ny Europa an'ny Wyss Academy) ;
- dia ara-pikarohana iray eto Madagasikara (Madagasikara, ny 8 ka hatramin'ny 17 jona 2024 ; fandraisana anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra ho an'ny faritr'Afrika Atsinanana an'ny Wyss Academy) ;
- dia ara-pikarohana iray makany Colombia (Colombia, faran'ny volana oktobra 2024 ; fandraisana anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra manerantany an'ny Wyss Academy/Hetsika karakaraina mandritra ny COP16 momba ny zava-manan'aina samihafa) ;
- ny **fikarohana sy famoronana am-pisindana** mandritra ny roa volana any amin'ny Istituto Svizzero any Roma (2025) ;
- ny fandraisana anjara amin'ny hetsika tanterahina ao amin'ny Istituto Svizzero any Roma ;
- ny fandaminana hetsika kely ara-haikanto ao Roma izay tohanan'ny Istituto Svizzero ;
- ny fanamorana ny fidirana amin'ny tambajotran'ny Istituto Svizzero any Italia sy Soisa ary manerantany ;
- ny fifanakalozana ifandraisana-taranja amin'ireo efa nahazo ilay antso **fikarohana sy famoronana am-pisindana** Roma Calling taloha ;
- ny fidirana amin'ny loharano nomerikan'ny Istituto Svizzero ;
- ny fanohanana ny tetikasa ara-haikanto eo amin'ny lafin'ny ezaka fifandraisana izay ataon'ny Wyss Academy amin'ny teitakasan'ny WAD.

#### **Fepetra mila fenoina hahafahana milatsaka hofidiana :**

Ity Antso ity dia misokatra ho an'ireo :

- mpanao haikanto avy eto Madagasikara ao anatin'ireto taranja ireto : zavakanto hita-maso, design, architecture, sarimihetsika, asa soratra, sora-dihy, teatra, fampisehoana andapihazo na mozika, efa nahavita fianarana (Master na mihoatra) na manana traikefa voaporofeo amin'ny sehatry ny haikanto ;
- teratany na mponina eto Madagasikara. Tsy misy fetra taona.

Maharitra roa volana ny fivahinianana any Roma . Ny dia ara-pikarohana eto Madagasikara sy Soisa ary Colombia dia maharitra 10 andro farafahabetsany. Ny fametrahana fangatahana hijanona latsaka na mihoatra ireo fotoana voafetra ireo dia tsy hiantohana intsony. Tsy azo atao ny mametraka fandatsahan-kofidiana amina fandaharana fikarohana sy famoronana am-pisindanahafa ho an'ny Istituto Svizzero (Roma, Milano, Palermo Calling) ao anatin'ny taom-pianarana mitovy. Ny fahalalana fototra amin'ny teny anglisy dia tombony.

#### **Fampiantranoana sy fonenana any Roma (2025)**

Ireo voaray dia hipetraka ao amin'ny Villa Maraini, eo afovoan'i Roma, ary hiantohaa ny fiaraha-misakafo maraina sy atoandro ny Alatsinainy ka hatramin'ny Zoma. Misy fandraisana anjara/vatsim-pianarana mitentina CHF 1500 isam-bolana.

#### **Datin'ny fikarohana sy famoronana am-pisindana**

Berne (Soisa): ny 4.06.2024 ka hatramin'ny 5.06.2024

Madagasikara : ny 8.06.2024 ka hatramin'ny 17.06.2024 (ireo daty ireo dia mety hiova 1 na 2 andro miankina amni'ny sidina anatiny)

Bogota (Colombia): faran'ny volana oktobra/voalohan'ny volana novambra 2024 (fifanakalozan-kevitra manerantany)

Roma: ny 6.01.2025 ka hatramin'ny 28.02.2025

#### **Fandehan'ny fifantenana**

Ireo maniry ny hametraka antontan-taratasy filatsahana dia mila mandefa "CV" sy "lettre de motivation" ho an'ny ALA ary "portfolio", farafahatarany ny **11.03.2024** amin'ny [Svitlana.Lavrenciuc@wyssacademy.org](mailto:Svitlana.Lavrenciuc@wyssacademy.org) ary marihina eo amin'ny votoatin'ny emailaka hoe «Résidence Art et Science/FORÊTS».

Ny valin'ny fifantenana dia hivoaka ny volana Martsa 2024.

**Wyss Academy for Nature at the University of Bern  
dia miara-miasa amin'ny Istituto Svizzero, Italia**